# Nitsidika an'i Chili ny Loholona Stevenson






Ny Loholona Gary E. Stevenson sy Rahavavy Lesa Stevenson dia niara-nandeha tamin'ny Filoha Russell M.Nelson sy Rahavavy Wendy Nelson nankany Chili mba hamonjy hetsika iray tena manan-danja. Nisy tempoly vaovao iray handeha hatokana tao amin'ny tanànan'i Concepción!

Io tempoly vaovao tsara tarehy io no tempoly faharoa haorina ao Chili ary tempoly faha-18 ao Amerika Atsimo.



Betsaka ny horohorontany mitranga ao Chili. Ny tempolin'i Concepción Chili dia manana fototra nambolarina manokana mba hiarovana izany tsy ho simba raha misy horohoron-tany mamely.



Nisy ankizy tonga niaraka tamin'ireo ray aman-dreniny mba hihaino ny Filoha Nelson hanao vavaka manokana mba hanokanana ilay tempoly.



Nanampy tamin'ny fametrahana ny vato farany teo ivelan'ny tempoly i Laura sy Alicia O. Io no antsoina hoe vato fehizoron'ny tempoly. Taorian'izay dia vonona ny hatokana amin'izay ilay tempoly.



"Tena nahafinaritra tokoa ny andro androany."

Ankehitriny ireo mpikambana mendrika ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia afaka ny hiditra ao anatin'izany mba hofehezina amin'ny fianakaviany sy hanompo amin'ny alalan'ny fanaovana batisa ao amin'ny tempoly!

IREO SARY EO AMBONY SY EO ANKAVANANA ARY EO AMBANY DIA NALAIN'I JEFFREY D. ALLRED, *DESERET NEWS*